Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

# FANAMBARAN'NY HETSIKA ROHY

**Takianay ny tena fahamarinana sy fangaraharana ao anaty fitoniana.**

***Na dia efa nanao fanairana maromaro aza ny Firaisamonim-pirenena manoloana ny olana ankehitriny eo amin'ny lisi-pifidianana sy ny tsy fahatomombana'ny tontolom-pifidianana dia tsy nisy fanapahan-kevitra ary tsy nahitana vahaolana mahomby izany.***
***Andao atsahatra sy ialàna amin'izay ny tontolo-pifidianana tsy mandeha amin'izay laoniny ka mahatonga mpitondra lany amin'ny fomba tsy araka ny tokony ho izy, ny mpanohitra tsy tomponandraikitra, ny olompirenena tsy mazoto intsony, izay hiteraka krizy miverimberina tsy azo ialana indray.***

Manoloana ny fihenjanana ara-politika nateraky ny olana mahakasika ny lisi-pifidianana, ary araka ny fanapahan-kevitra noraisiny nandritra ny fivoriambe izay nataony ny volana jolay 2015 fa hirotsaka amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana mba hahafahany mandray anjara mafonja amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fifidianana eto Madagasikara ka hahatonga izany ho fanoitra lehibe entina hanamafy ny fandriampahalemena sy ho antoky ny fampandrosoana, **ny Hetsika ROHY izay mamondrona vovonam-pikambanana na fikambanana 120 eny anivon'ny faritra 22 eto Madagasikara dia** :

**Manohitra amin'ny heriny rehetra** ny fanararaotana ara-politika manodididna ny fanambarana mikasika ny lesoka hita teo amin'ny fanavaozana ny lisi-pifidianana 2020, izany dia mba hisorohana ny krizy politika vaovao izay handetika indray ny vahoaka malagasy amin'ny fahantrana mangitsokitsoka.

**Mampatsiahy :**

1. Ny hetsika ROHY dia niditra an-tsehatra teo amin'ny lafiny maro nanomboka tamin'ny faran'ny telovolan' ny taona 2017 mba hanatsarana ny zotram-pifidianana. Ireto avy izy ireo raha tanisaina :
   - **Ny sosokeviny mikasika ireo volavolan-dalàna mamaritra ny famatsiam-bola mandritra ny fampielezan-kevitra**, eo ohatra ny famerana ny fandaniana, ny fizohina izany, ny fandrarana ny famatsiam-bola avy any ivelany, ny ady amin'ny kolikoly ara-pifidianana. Ireo rehetra ireo dia notsinitsiniavina sy notsipahan'ireo antoko politika nifanandrina teo anivon'ny Antenimierampirenena.
   - **Ny fanairany mba hialana amin'ny fitongilanan'ny Fitondrana** hitantana ny raharaham-panjakana amin'ny fifidianana, **indrindra ny fametrahana ny « Governemanta ny fanavotam-pirenena » mba hitantana ny fifidianana** fa tsy ny « Governemanta nifanarahana sy iarahan'ny antoko politika »
   - **Ny fanentanana ny olompirenena** amin'ny fisoratana anarana ao amin'ny lisi-pifidianana sy ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana
   - **Ny fanaraha-maso ny fifidianana** araka ny lalàna manankery sy ny fitondrana ny raharaha eny anivon'ny tribonaly voatokana amin'izany rehefa misy tsy fanarahan-dalàna
   - Ny adisisika natao mba ho **matotra kokoa ny fijerena ny fifanolanana ara-pifidianana**, anisan'izany halavan'ny fotoana hahafahana mitory sy ny fanampiana ary fiarovana ny mpitoroka

2. ROHY dia nanome sosokevitra hentitra ho an'ireo andrim-panjakana na sehatra voakasika toy ny **(CENI sy HCC) mikasika ny tokony nanaovana ny fanadihadiana sy fijerena amin'ny antsipiriany ny antotan-taratasim-pifidianana sy ny fitaovana mifandraika amin'izany rehetra fa tsy ny PV** na ny fitanana an-tsoratara ofisialy ihany alohan'ny hamoahana ny valim-pifidianana, mba ahafahana mitsirika akaiky ireo fanodikodinana na hosoka mety hitranga. Izany no atao dia mba hitandroana ny fahamarinam-pifidianana.
3. **Ny olana mikasika fiverimberenana indroa misy ao anaty lisi-pifidianana dia tsy zava-**baovao fa efa nomarihan'ny mpanadihady na ny fitsirihana nataon'ny OIF talohan'ny fifidianana filoham-pirenena. Izany toe-javatra izany na ny fanamirahana toy ireny koa dia efa nanaovan'ny firaisamonim-pirenena fanairana hatrany, ary anisan'izany ny hetsika ROHY.
4. **Ny hetsika ROHY dia tsy nitsahatra nitaky ny fangaraharana sy ny fahafahana miditra manara-maso akaiky ny dingam-pifdianana, anisan'izany ny lisi-pifidianana (eletronika)** mba hahafahana manome fanamarihana amin'ny fahatomombanany na tsia ary hitondrana sosokevitra fanatsarana izany.
5. Maro ny sosokevitra efa nentin'ny hetsika ROHY mba hantsarana sy hahatomombana ny lisi-pifidianana, ohatra amin'izany ny **fanalavana araka izay tratra ny fotoana fisokafan'ny fisoratana anarana ao anaty lisi-pifidianana**, eo ihany koa ny **fakana Tomponandraikitra mahaleotena misahana ny fanavaozana sy ny fanatsarana ny lisitra ankoatry ny CENI fa ny** CENI dia hiandraikitra ny fampiasana azy na koa Tomponandraikitra mahaleo tena hafa hanara-maso ny fanavaozana lisitra ataon'ny CENI.

**Izahay dia maneho alahelo sy tsy fanakasitrahana noho ny tsy fandraisana andraikitr'ireo karazana sehetra na andrim-panjakana toy ny CENI na ny HCC, na ny antoko politika samihafa manoloana ireny fitakiana na sosokevitra entina hanatsarana ny fomba fitantanana ny fifidianana efa natao ireny.** Raha tsy efa herintaona aty aorian'ny fifidianana filoham-pirenena izay vao havoitra ny tsy fetezana, izay efa fantatra tsara fa mety hitondra krizy ao aorian'ny fifidianana.

Noho izany ny hetsika ROHY dia mitaky :

1. **Fanadihadiana lalina ary mahaleotena** hitiliana ny tsy fahatomombanana mitera-doza eo amin'ny lisi-pifidianana na ny tontolon'ny fifidianana mihitsy sy izay mety ho fiantraikan'izany teo amin'ny valim-pifidianana.
2. **Ny fanasaziana mifanaraka amin'ny tokony ho izy** sy tsy an-kanavaka miantefa amin'ireo tompon'antoky ny fanaovana hosoka mandritra ny dingam-pifidianana.
3. Fanatsarana lali-paka ny tontolon'ny fifidianana indrindra ny fanovana ny lalàm-pifidianana sy ny lalàna misahana ny sampana mikarakara ny fitantanana ny fifidianana, izany dia hatao andraisan'ny rehetra anjara.
4. **Ny fametrahana komity telotonta tarihin'ny Firaisamonim-pirenena** ary ahitana ny firehana politika eo amin'ny fitondrana, ny fivondronambe ny mpanohitra eo ihany koa ny firaisamonim-pirenena, mba hiara-misalahy hijery akaiky ny fanapahan-kevitra miainga ary tohin'ny valin'ny fanadihadiana mikasika ny tsy fahatomombanana tsikaritra rehetra.

Ny vahoaka dia tsy mendrika ary tsy hazaka krizy vaovao indray, izany dia hampitombo indray ny fifanenjanana ara-politika ankehitriny ary hanampitrotraka ny tsy fitokisan'ny vahoaka, satria ny fahamarinana sy ny fitondrana fanazavana no hany afaka hitondra ny filaminana. **Noho izany, ny hetsika ROHY dia vonona hirotsaka sy handray andraikitra amin' ny fanatanterahana ny sosokevitra miaraka amin'ny fahaiza-manao ary hiarahana amin'ny mpisehatra rehetra voakasika amin'izany**. Miantso ihany koa ny mpandray anjara rehetra haneho firaisankiana mba hitandrovana ny filaminana eto amin'ny firenena.

Antananarivo, faha 13 Martsa 2020